

IREO SAKAIZAN'NY FANANTENANA : ANDRON'NY MPAMANGY

Sabata 24 Septambra 2016

TORITENY :

Ilay tetezana antsoina hoe Fanantenana

Taorian'ny fahirano lehibe nataon'ireo tafika Babylôniana, Jerosalema dia efa andalam-pahalavoana tanteraka. Taorian'ny fanafihana maro mahery vaika izay nandavo ireo mendrika sy mahay indrindra, ireo izay noheverin'ny fahavalo ho tsy misy vidiny no hany sisa tavela nanerana ny tanànan'i Joda iray manontolo. Ny teny niloaka ny vavan'ilay Mpaminany matetika nantsoina ho ilay Mpaminany Mpitomany mitantara ny zava-niseho dia hoe: "Indrisy, mitoetra manirery izao ilay tanàna feno olona! Efa tonga toy ny mpitondratena izy! ... Ilay nalaza tamin'ny firenena sy andriambavy tamin'ny tany samihafa, dia efa miankin-doha kosa izao!" (Fitom. 1. 1).

Dia manohy izany hatrany Jeremia: "Lasan-ko babo ny Joda noho ny fahoriana sy ny haben'ny fanompoana; Mipetraka ao amin'ny jentilisa izy, nefa tsy mahita fitsaharana; Izay rehetra nanenjika azy dia nahatrara azy teo an-ketena". (v. 3). Nohazavain'i Jeremia ny tebiteby tao am-pony raha milaza ny momba ny manjo ireo mpiray firenena aminy izy ka hoy ihany izy hoe: "Pahina ny masoko azon'ny ranomaso, mandevilevy ny foko; Naidina tamin'ny tany ny atiko noho ny fandranganana ny oloko zanakavavy. Sy noho ny ankizy madinika sy ny zaza minono izay ana eny an-kalalahana ao antanàna Miampatrampatra eny an-dalambe ny tanora sy ny antitra; ny virijinako sy ny zatovony dia lavon'ny sabatra" (v. 2: 11, 21).

Ny mpanao Salamo tsy fantatra anarana iray, izay maneho ny fotoana iainany ho toy ny babo tany Babylôna, raha maneho ity fahoriana lehibe ity dia nanoratra hoe: "Teo amoron'ny onin'i Babylôna, no nipetrahanay sy nitomanianay rehefa nahatsiaro an'i Ziona izahay". Teo amin'ny hazomalahelo, no nanantonanay ny lokanganay, fa teo dia nangataka anay hihira izay namabo anay, ary izay nampahory anay nangataka anay hanao fifaliana ka nanao hoe" Manaova hiran'i Ziona eto anatrehanay. Nefa ho nataontsika ahoana no fihira ny fihiran'i Jehôvah tany an-tany fivahiniana?" (Sal. 137:1- 4).

Tsy mora ny hanomboka toriteny iray amin'ny eritreritra ratsy dia ratsy toy izany. Miaina amin'ny vanim-potoana izay irian'ny olona ny tsy hahita afa-tsy ny tsara ihany isika, mazava ho azy izany satria voahodidin'ny vaovao ratsy mandrakariva isika. Tamin'ny faran'ny taona, dia nandre fiaramanidina maro nianjera teny ambony teny isika izay tsy hita hohazavaina --- sady tsy hita popoka, valan'aretina maro mandrava mponina tsy hita isa, ady amin'ny fitaovam-piadiana mahery vaika amin'ny toerana izay indray mandeha monja no nisy nofinofy fandriam-pahalemana, ary koa

krizy ara-toekarena amin'ireo firenena noheverina ho toy ny tsy ho voakasik'izany akory. Lisitra vitsy nofafohezina fotsiny anefa ireo.

Manarak'izany dia misy ny eo amin'ny lafin'ny fiainana manokana: ny faktiora mitombo andro aman'alina, ny fanamboarana tsy nampoizina tsy maintsy atao, ny fisondrotan'ny hetra nefa ny karama tsy miova, ny aretina, ny fahoriana, ary ny fahafatesana. Niteny ny tsara indrindra Jesôsy raha nilaza tamin'ny mpianany Izy hoe: “Aty amin'izao tontolo izao no ahitanareo fahoriana” (Jao. 16: 33).

Arak'izany dia miatrika ady ara-panahy mahery vaika koa isika, eo amin'ny fitomboan-tsika ao amin'i Kristy. Hoy Jesôsy raha miresaka momba ny famonjena Izy: “Miseseha hiditra amin'ny vavahady ety ianareo” (Lio. 13: 24). Raha niteny Izy hoe” manaova ny ezaka rehetra “, ny teny Grika izay nazahoana ny teny amin'ny teny Anglisy dia *agonize*. Andriamanitra akory tsy nampanantena fiainana mandeha ho azy antsika eny fa na dia amin'ny fiainana ara-panahy aza. Raha Paoly amin'ny maha kristiana azy dia hitantsika ny tsy fahamendrehan-tsika (Rom. 7: 14- 24). Fa raha Paoly amin'ny maha evanjelisitra azy indray dia tsapan-tsika ny tsy fahaizan-tsika (1Kor. 15: 9).

Koa dia lasa mora kokoa ho an'ny mpitoriteny ny mitoro ny hafatra hahatonga ny mpihaino azy ho faly, na ho an'ireo manodidina azy na amin'ny fiainana amin'ny ankapobeny. Mahatonga antsika hahazo aina koa izany. Toa manome endrika hafa ny filazantsara ho amin'ny fahombiazana izany --- tsy ilay mifantoka amin'ny harena ara-nofa akory; fa kosa natao izany mba hahatonga ireo mpihaino hanana toe-tsaina ho tony, ho toerana fakana aina eo anivon'ny efitra karankaina. Kanefa, io toerana io toy ny sary nofinofy ihany, satria tsy miorim-paka ao amin'ny tontolo ara-baiboly akory. Fa voaporofa eo amin'ny endrika ivelany fotsiny.

Amin'izany, na tamin'ny 2 500 taona lasa ka mandrak'ankehitriny ---- moa misy fanantenana ho antsika ve? Moa manolotra zavatra manotra lavitra noho ny famoizam-po mandindona antsika ve Andriamanitra? Mitombina ireo fanontaniana ireo satria amin'ny lafim-piainana rehetra dia misy fitoviany betsaka ny fiainantsika ankehitriny sy ny an'ireo mponin'i Joda nanodidina ny taonjato 600 B.C. Ny olona tamin'izany andro izany dia nahatsiaro ho toy ny nenjehin'Andriamanitra; Ankehitriny kosa mahatsiaro ho toy ny nafoin'Andriamanitra ny olona ka tsy manana fanantenana. Koa araky ny nolazain'ireo dia afaka miteny koa isika hoe: “Ary noroahinao tsy hahita fiadanana ny fanahiko, ka efa adinoko ny tsara” (Fitom. 3: 17).

Ny Fiandohan'ny Fanantenana

Mora ny hanao fanandramana marobe ny momba ny olana sy ny loza, ary hiraika ho amin'ny fahakiviana asetrin'izany. Ireo Fitomanian'i Jeremia, anefa, dia miova tampoka sy tsy ampoizina. Raha mbola mahatsiaro ireo ratram-po tamin'ny lasa izy, dia tsy nijanona tamin'izany. Mby tao antsainy ny zava niseho, fa kosa tsy voafatot'izay nitranga izy. “ Tsarovy ny fahoriako sy ny

fanjenjenako, dia ny zava-mahafaty sy ny rano mangidy. Tsaroan'ny fanahiko indrindra izany, ka mitanondrika ato anatiko izy. Izany no ho eritreretiko ato am-poko, ka dia hanantena aho”(v. 19-21). Manomboka mitsiry ny fanantenana rehefa misafidy ny tsy hifantoka amin'ny zavatra manodidina antsika isika.

Moa ny safidy tsy hifantoka amin'ny zavamisy manodidina ny tena ve manafoana ny fisian'izany eo amin'ny tontolon-tsika? Tsia! Tsy maintsy misy foana ny fahalianana ny hanaiky ny zavamisy sy ny fijerena mialoha ny tokony ho izy sy ny mety hiseho. Ny fanantenana dia toy ny tetezana izay mampitohy amin'ny hantsana. Ny fanantenana dia ilay lalana mampitohy ny toerana misy antsika amin'ny toerana izay tiansika haleha.

Jeremia dia tsy nanary ny fiheverana an'izay nanjo ireo olony. Nampalahelo azy izany. Tsy nisy andro iray nandingana ka tsy nampitamperina taminy ny zava nitranga. Kanefa na dia nobaboin'ny sasany aza ny fireneny --- raha lasan-ko babo tany an-tany hafa aza ireo olon-tiany sy ireo sakaizany --- tsy nanaiky ho voagejan'ny fahakiviana miandalana izy.

Inona no tsaroan'i Jeremia tao am-pony? Inona no nanome fanantenana azy? Inona ireo singa nandrafitra ny” tetezana” nampitohy ny fahakiviana amin'ny fandresena? Iza no tohiny ao amin'ny andininy faha 22 “Ny famindrampon'i Jehôvah no tsy nahalany ritra antsika”. Izay adikan'ny NIV hoe “ fahari-po lehibe” dia adika hoe “fitiavana lehibe” izay adika ho “fahamorampahy” amin'ny NASB. Ny NKJV kosa dia mampiasa ny teny hoe “famindrampo”.

Kanefa raha mandika io teny io ka mahita izany, Jeremia dia nanana fanantenana, tsy hoe araka ny zavatra hitan'ny masonry, na fanandramana tamin'ny fihetsempony, fa satria vokatry ny fahatsapana tao am-pony. Tao am-pony lalina, dia fantany fa --- mifanohitra indrindra amin'ny toejavatra miseho --- Andriamanitra dia tsy mahafoy ny vahoakany. Tsy mamela ireo nofidiny ho kamboty Andriamanitra. Fantany fa ny fiainana dia mbola ho mafimafy kokoa noho izay raha toa ka tena mahafoy tokoa ireo olom-boafidiny Andriamanitra.

Eo anatrehan'ny fitiavan'Andriamanitra lehibe indrindra, ny famindrampony, Jeremia dia nahita an'Andriamanitra ho Ilay Andriamanitra be fangorahana. Raha manontany tena ny sasany hoe inona no mampiavaka izany, ny fototry ny teny hoe mangoraka dia mifandraika amin'io teny io ny heviny mazava ny amin'ny fijaliana miaraka na manakaiky ny olona iray. Ny Mpaminany Mpitomany dia efa nahita izany fijaliana ara-tsaina izany, kanefa kosa fantany fa tsy niaina izany samirery izy. Fantany fa misy Andriamanitra any an-danitra izay mahatsapa ny fanaintainana mahery vaika manaoatra lavitra ho an'iza n'iza lasan-ko babo izay mahatsapa izany.

Mora amintsika ny mahafantatra fa tsy misy afaka mahatsapa ny fahoriantika rehefa mandalo zava-tsarotra eo amin'ny fiainantsika isika, rehefa tojo aretina, rehefa misedra fanaintainana tsy misy toy izany ny akaiky antsika, rehefa hiharan'ny tsy rariny ny sasany, raha mandrava ny loza

voajanahary, rehefa mandroaka ny mpiasa ao aminy ny orinasa iray mba hahatsara ny fiafaran'ny fitantanany ara-bola. Fa ireo tenin'i Jeremia dia natao mba hahatsiarovana mandrakariva fa na dia eo aza izany rehetra izany sy ny mety tsy ho ampoizina rehetra, ny fitiavana lehibe sy ny famindrampo avy amin'Andriamanitra dia manodidina sy mampitraka antsika. Kanefa, tsy anjarantsika ny hifantoka amin'ireo zavatra mangeja antsika sy manampoka antsika ireo. Ny hany ataontsika dia ny mifantoka amin'izay ho ataon'Andriamanitra ho antsika na dia eo aza ny zava mitranga.

Tsarovy ny tenin'i Jeremia. Tsaroany ny alahelony, ny fanjenjeny, ny fahoriany sy ny ratram-pony. Fa ny zava-dehibe indrindra dia tsaroany fa Andriamanitra dia mampihatra ny fahari-pony aminy sy amin'ny olony, ary miandany aminy lzy, miara malahelo aminy. Koa, ny fijerin'Andriamanitra ny olony dia tsy zava mandalo. Mitoetra izany na andro na alina. Efatra amby roapolo ora isan-andro, fito andro isan-kerinandro. Izao no nolazain'ilay Mpaminany: "Vaovao isa-maraina izany" (v. 23). Faranan'i Jeremia ity toko ity amin'ny teny tsotra sady fohy nefa mafonja. Teny roa amin'ny teny hebreo, fa kosa feno dia feno ny heviny. Voadika amin'ny dikan-teny maro amin'ny teny anglisy izany "Lehibe ny Fahasoavanao".

Ny ivon'io fanambarana io dia avy amin'ny fototry ny teny momba ny tsy fiovaovana. Io teny io matetika dia adika hoe amen. Amen dia midika hoe azo hianteherana, azo antoka, mendrim-pitokisana. Resy lahatra ny amin'ny tsy fiovaovan'Andriamanitra Jeremia manoloana ny olana. Eny fa na dia miatrika ady goavana, olana, fahakiviana, sy fijaliana aza isika (eny tokoa, tsy mitombina sy tsy ara-baiboly ny manonofy fa ireo rehetra ireo dia tsy misy), tsy mampifantoka ny saintsika amin'ireo isika. Mainka aza mifantoka amin'ny fahasoavan'Andriamanitra amintsika isika. Ny fanantenana dia mamorona tetezana izay ahafahan'i Jeremia miampita avy eo amin'ny lasa sy ankehitriny manelingelina azy ho amin'ny hoavy mamirapiratra.

Ny Tohin'ny Fanantenana

Fa misy tetezana sasantsasany mila fotoana ela mandingana eo aminy nohon'ny eo amin'ny hafa. Misy tetezana anankiroa any amin'ny ampahany atsimo any amin'ny fanjakan'i L a Louisiane izay mandrakotra ny reniranon'i Pontchartrain. Mirefy 38 kiômetatra ny halavan'ny tsirairay avy amin'ireo. Raha toa ka voatery handeha avy eo atsinanana hianatsimo na avy any atsimo hiansinanana, dia mila manana eo amin'ny 30 minitra eo ho eo. Maro ny olona mampiasa ity tetezana ity marain-tsy hariva mampitohy ny fonenany sy ny toeram-piasany. Ireto tetezana roa ireto noho izany dia misy dikany amin'ny fiainan'ny maro satria mampifandray ny zavamisy roa lehibe eo amin'ny fiainany.

Ho antsika, ny fanantenana dia manampy antsika handeha amin'ny toerana iray ho amin'ny toerana izay tokony hivantanantsika. Fa mba andehanana amin'ny toerana A ho amin'ny toerana

iray B, mila fitaterana isika. Afaka mamakivaky ny renirano Pontchartrain amin'ny dia an-tongotra ve ny olona iray? Eny. Kanefa dia ho lany fotoana sy ora maro mamizana azy izy amin'izany; noho izany dia mila fiarakodia izy. Inona no miseho raha tsy manana fiara? Afaka mindrana amin'olona, tahaka ny ataon'ny zatovo midrana ny fiaran'ny ray sy reniny mba andehanana.

Amin'izay toe-tsaina izay no hanohizan'i Jeremia eo amin'ny andininy faha 24" Jehôvah no anjarako, hoy ny fanahiko, ka dia hanantena Azy aho". Ao amin'ny Salamo 16: 5 Davida dia mampiasa ny teny hebreo mitovy amin'izany mba hanehoana ny ataon'Andriamanitra aminy. Jeremia dia nifidy ny tsy hifantoka amin'izay nahatonga fijaliana mafy taminy, satria fantany fa Andriamanitra dia efa mandray ny andraikiny amin'ny fanomanana izay rehetra ilainy sy ireo olony amin'ny fiainany rehetra. Izany no nahatonga azy nilaza hoe:" Jehôvah no anjarako ka dia hanantena Azy aho" (v. 24).

Amin'ny fiteny Espanola, ny verba esperar, dia afaka adika hoe" miandry" na koa hoe "manantena". Ilay Mpaminany dia nahatoky an'Andriamanitra, satria fantany fa misy fotoana izay hanomezan'Andriamanitra vahaolana amin'ny olona. Manome ny zavatra rehetra ilaina eo amin'ny fiainana tamin'ny lasa sy ny hoavy izy --- na dia tsy voafaritra aza ny fotoana hahatongavan'izany. Jeremia dia afaka matoky an'Andriamanitra satria manantena Azy izy.

Ny Teny Fikasana Ho Amin'ny Fanantenana

Matetika ny miandry an'Andriamanitra dia fihaikana lehibe; fa isika dia mampitombo ny faharetana sy ny fahatokiana amin'ny dingana izay mbola tsy nandramantsika hatrizay.

Josefa dia nahatsapa fahababoana mitovitovy tamin'ny an'ny Jiosy. Fa mety mbola mafy kokoa ny azy satria dia namidin'ireo rahalahiny mifanapa-tsinay iray rà aminy ho andevo izy. Taona maro taty aoriana, mbola nandalo fitsapana miendrika famaboana hafa indray izy izay tsy vokatry ny nataony akory. Naiditra am-ponja izy.

Hita ao amin'ny Genesisy 40 sy 41 ny tantara izay mirakitra ny nofin'ny mpitondra kapoakan'ny mpanjaka sy ny mpanao mofony, ary ny vokatr'izany --- ny iray tsara fa ny iray kosa ratsy. Azo henoina ny fitambaran'ny zava nihatra tamin'i Josefa raha nahatsiaro ireo nihatra taminy izy sy ny fotoana ela niandrasany ny fahafahany ---- nijery ny fahoriany tamin'ny lasa sy nibanjina ny hoavy tamin'ny alalan'ny tetezan'ny fanantenana --- raha niangavy tamin'ny tsy hoela – ny fanafahana – ny enta-mavesatra izy "Fa mba tsarovy aho, rehefa mahita soa ianao, ka trarantitra ianao, hiantrao aho, dia lazao amin'i Faraô aho, ka avoahy amin'ity trano ity; fa nangalarina mihintsy avy tany amin'ny tanin'ny hebreo aho, ary aty koa tsy mba nanao izay tokony ho nanaovany ahy eto amin'ity

lavaka ity aho” (40: 14, 15). Eny fa na dia roa taona talohan’izao, tsy nisy famantarana hita maso na dia iray aza maneho ny ratra niseho tamin’ny lasa.

Indraindray eo amin’ny fiainantsika, tojo toe-javatra izay tokony handrosoana hatrany isika na dia tsy fantatra sy maloka aza ny any aloha any, matetika ampoky ny fahatsiarovana izay mampahatsiahy antsika izay afaka ho hitantsika mazava --- mifanohitra amin’ny fisainana an’izay tsy afaka ny ho hitantsika. Ny lasa dia mibahan-toerana, manjohy antsika izy. Toy ny foana ny fanantenana, toa nofinofy izay tokony henjehintsika.

Ahoana no nahafahan’i Josefa tamin’izany fotoana manjombona izany? Mety ho hita ao amin’ny Fitomaniana izany teny izany 3: 25, 26: “Tsara Jehôvah amin’izay manantena Azy, dia amin’ny olona izay mitady Azy. Tsara ny miandry ny famonjen’i Jehôvah amin’ny fanginana”. Tsy nanary toky Josefa, na nety ho lavo tamin’ny fakam-panahy nanoloana azy avy tamin’ny vadin’i Potifara --- nisafidy angamba ny ho lavo satria toa tsy nahita ny hoaviny eo am-panarahana ny fandresendahatra nananany.

Manoatra noho izany, mazava fa, raha niandry ny famonjen’ny lanitra izy, Yahweh dia tsara taminy --- sady nanome fitahiana avy any ambony ho azy, fa koa nametraka azy tamin’ny toerana izay nahazahoany ny fankasitran’olombelona. Potifara dia nahatoky an’i Josefa, ka nanao azy ho mpitandrina ny fananany rehetra (Gen. 39: 4). Torak’izany koa ireo mpiambina ny fonja (v. 22). Hita teo amin’ny fiainan’i Josefa ireo fitahiana rehetra ireo satria niaraka taminy ny Tompo ka nanome azy ny fiandrianana sy ny fahombiazana (v. 2, 23).

Famaranana

Na dia resaka tsy mahafinaritra aza ny miresaka azy, ny fanaintainana, ny alahelo, ireo olona, dia zavamisy miseho hiainan’ny antitra sy ny tanora, kely sy lehibe, manan-karena sy mahantra --- Aziatika, Afrikana, Eôrôpeana, Afrikana Tatsimo, Amerikana, sy ireo maro hafa rehetra. Nandritry ny nidiran’ny fahotana, izany no anjaran’ny voahary rehetra. Hoy Paoly “Fa fantatsika fa izao zavatra ary rehetra izao dia miara-misento sy miara-marary toy izay efa hiteraka mandrak’ankehitriny “(Rom. 8: 22).

Fa Paoly tsy vitan’ny hoe mijery ny zava nitranga any aoriany fotsiny. Miandry am-paharetana ny andro mety izy. “Miandry ny fananganan’anaka, dia ny fanavotana ny tenantsika. Fa ny fanantenana no namonjena antsika; nefa ny fanantenana hita dia tsy mba fanantenana intsony; fa ahoana no mbola hanantenan’ny olona izay efa hitany? Fa raha isika manantena izay tsy mbola hitantsika, dia miandry amin’ny faharetana” (23, 25).

Afa tsy izany, ireo fanambaran’i Paoly ao amin’ny Romana 8 dia manamafy ny amin’ny Fanantenana faratampony dia Jesôsy Kristy, ho Ilay Vahaolana Azo Antoka amin’ny olam-piainantsika rehetra.

Mandroso hatrany Paoly, mampidina ilay tetezana antsoina hoe Fanantenana, ka mahita ny fotoana izay hisehoan'ny fihaikana hatrehintsika ho toy ny zavatra tamin'ny lasa ka hanomezamboninahitra antsika (8: 30). Koa dia afaka mihiaka am-pifaliana izy hoe: "Raha Andriamanitra no momba antsika, iza no hahatohitra antsika? ... Iza no hahasaraka antsika amin'ny fitiavan'i Kristy? Fahoriana va sa fahantrana, sa fanenjehana, sa mosary, sa fitanjahana, sa loza, sa sabatra? ... Kanefa amin'izany rehetra izany dia manaoatra noho ny mpandresy isika ao amin'ny alalan'Ilay tia antsika. Fa mahatoky aho fa na fahafatesana, na fiainana, na anjely, na ireo fanapahana, na zavatra ankehitriny, na hoavy, na hery, na ny ambony, na ny ambany, na inona, na inona, amin'izao zavatra ary rehetra izao, dia tsy hahasaraka antsika amin'ny fitiavan'Andriamanitra izay ao amin'i Kristy Jesôsy Tompontsika (31, 35 , 37- 39).

Aoka ny fanantenana ao amin'i Jesôsy dia Jesôsy irery ihany no ho hery izay manohana antsika manomboka izao ka ho mandrakizay.

Willie Edward Hucks II Associate Secretary, General Conference.